


https://www.aslm-lemuriens.com

# Ilay soimanga

Araky ny tantara amerendianina
"Le colibri"

Nandrindra sy nanoratra : *Catherine Rhiat*

Sary : *Colette Mayeur*

Nandika amin'ny teny malagasy :
*Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

Angano ho an'ny ankizy


Fampahafantarana ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara



Taloha ela be hono, ny olombelona sy ny biby dia
niara niaina tany anatin'ny alan'ny Madagasikara.



Araky ny tantaran'ibabanikoto anefa
rehefa niha maro ny olombeona.



Ny sasany dia nanapak'evitry ny hivoaka
ny ala mba hamboly.



GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

Raha hamboly
izy ireo,
dia nandoro
ny ala... Izany
no antsoina
hoe « tavy"
....



Namboly vary sy mangahazo
izy ireo.



Nefa, tsy dia mamokatra loatra anefa ilay tany
....

noho izany ny taona ho avy dia handoro ala
vaovao koa mba hanitarana ny tanim-boly sy
mba hijeery tany mamokatra kokoa.



© Catherine RHIAT

Indray andro ary, rehefa nikasa ny handoro ala vao izy ireo,
Indro ny rivotra nifofofo…

Nisioka mafy ny rivotra ka nihitatra ho azy ny afo.



Tsy nisy zavatra azon'ireo mpadoro hatao
…
ny afo koa nihitatra haingana be.

Vaky tahotra daholo ireo biby monina tao anaty ala, malemy manoloana io toe-javatra io
….



*Prolemur simus*



*Mantella aurantiaca*



*Dromicodryas quadrilineatus*



*Coua cristata*



*Trachelophorus giraffa*

GERP

© Catherine RHIAT

Ny gidro,





ny vorona,



ny bibilava,

ny  fosa



ny biby kely,



ny radaka,



sns...



dia tsy ary nisy nahita afo sahala an'io afo io.

GERP

© Catherine RHIAT

Raha nitsoaka daholo ny sasany, indro kosa nisy vorana kely nivezivezy teo :
ilay soimanga gasy.





Io vorona kely io kay
sady mitatitra rano
amin'ny vavany,
ary mandatsaka izany
eny amin'ny afobe izay
mandoro ny ala
rehetra.



GERP
ASLM
© Catherine RHIAT

Indro, nisy Sokatra iray izay mba miezaky ny mivoaka ny ala talanjona nahita ity Soimanga mandroso miverina ity.



Ary niteny taminy nanao hoe:



Oh ra Soimanga,
ho reraka no hiafaranao
mivezivezy mandroso
miverina eo...

Fantatrao tsara fa tsy
ahafaty an'io afo io ny
rano kely hoentinao!

Ary namaly azy i Soimanga nanao hoe :

Fantatro izany
fa kosa hataoko
ny anjarako !



Ary ianao koa,
afaka manao ny
anjaranao koa ianao...

GERP ASLM

© Catherine RHIAT

Talanjona daholo ireo biby.

Vaky vava i Varibolo ka niteny hoe :



https://robinhoskyns.wordpress.com/tag/prolemur-simus/

Ao fa hanampy anao aho ry Soimanga kely
...
Tsy manana vava tahaka ny vorona toa anao aho fa haiko ny mampiasa bararata
...
Io no hampiasaiko hitaterako rano

Hoy i Vontsira :



https://www.pinterest.fr/pin/443323157040877712/?lp=true

Hihady hady amin' ny alalan'ny hohoko aho mba tsy handroson'ny afo

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

Avy nanatona daholo ireo biby maro hanampy azy ireo.

Izy ireo niaraka no nahafaty ilay afobe.

